Fanambarana

Aza variana amin'ny anio; hazo tokana tsy mahatakona ala: ho fongana ny harem-pirenena malagasy

Tato anatin'ny 20 taona dia azo tsapain-tanana ireo ezaka vita azo alain-tahaka hampihena ny fahasimban'ny ny tontolo voajanahary sy hiarovana azy mba ahatongavana amin'ny fampandrosoana maharitra.

Ireo harena voajanahary ireo, izay reharehan'ny Malagasy, dia mitondra tombon-tsoa mivantana ho an'ny ankabeazan'ireo mponina ambanivohitra. Ohatra amin'izany ny eo amin'ny filana toy ny rano, ny sakafo, ny angovo ary ny vola miditra amin'ny tokantrano tsirairay. Miankina amin'ireo koa nefa ny fampandrosoana ny fambolena, ny jono, ny asa-tanana, ary ny fizahan-tany.

Izahay, Fikambanana tsy miankina, miasa ho an'ny fikajiana ny tontolo iainana mba ho fanatsarana hatrany ny fiainan'ireo vondron'olona ifotony, dia tsy afaka ny hangina manoloana ny hetraketraka atao amin'ireo harena voajanaharin'ity Nosy ity:

- Fandrobana ankarihary ary efa voaomana, miaraka amin'ny fampiasana fitaovam-piadiana aza indraindray, ny hazo sarobidy izay ao anatin'ny ala voajanahary maro, sy ao anatin'ireo faritra voaaro sy ireo valan-javaboaarim-pirenena voasokajy ho « Sites de Patrimoine Mondiale » toa an'i Marojejy sy i Masoala.
- Firongatry ny fivarotana tsy ara dalana ireo karazam-biby na eo amin'ny tsenam-pirenana izany na eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Anisan'izany ireo reptilia toy ny sokatra an-tanety.
- Firongatry ny fanimbana any anaty valan-javaboaary sy any amin'ireo toerana saro-pady, toy ny fitrandrahana tsy ara-dalana ireo harena an-kibon'ny tany, ny teviala, ny tavy, noho ny gaboraraka sy ny tsy fandraisan'andraikitra, manoloana ny zava-misy ankehitriny.

Ireo trangan-javatra mampalahelo ireo dia hitarika ny firenena ho any amin'ny fahantrana. Ary raha mitohy izao dia tsy handova harena voajanahary tsy manam-paharoa intsony ireo taranaka afara handimby.

Ho rava indray ireo ezaka rehetra vita teo amin'ny fanomezana andraikitra ireo vondron'olona ifotony eo amin'ny fitandroana ny fananany eo anatrehan'ny fandrobana izay manafongana ny harem-pirenena mba ho tombon-tsoa manokan'olom-bitsy.

Eo anatrehan'izao toe-javatra tsy azo ekena izao, dia manao antso avo amin'ireo fitondrana mahefa sy ireo olom-pirenena izahay ankehitriny, haka tsy misy hatakandro ny andraikitra tandrify azy avy ary handray fepetra hentitra sy hanasazy henjana ireo minia mandika lalàna. Aoka ajanona hatreo ny fanaovana takalon'aina ireo harena voajanahary isaky ny misy savorovoro politika sy fahamehana aorian'ny fandalovan'ny rivo-doza.

Araraotinay ihany koa izao fanambarana izao mba hamerenanay etoana ny fahavononanay hiasa hatrany hikajy ny tontolo iainana eto Madagasikara sy hanatsarana ny fiainan'ireo vondron'olona ifotony izay mpitahiry voalohany io harem-pirenena voajanahary io. Manainga mavesatra ireo olom-pirenena tsirairay izahay mba hahatsiaro fa ny fampandrosoana maharitra ny firenena dia miankina voalohany indrindra amin'ny haren-java-boaary sy ny fandraisan'ny tsirairay andraikitra.

Antananarivo, faha 27 martsa 2009

World Wide Fund for Nature, Madagascar et Océan Indien Occidental
Conservation International – Madagascar et les Iles de l'Océan Indien
Wildlife Conservation Society – Madagascar
Missouri Botanical Garden
Durrell Wildlife Conservation Trust
Institute for the Conservation of Tropical Environments
The Peregrine Fund
ONG Fanamby
Madagascar Fauna Group
L'Homme et l'Environnement
Plant Resources for Tropical Africa